# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Nanome sakafo ireo mpanala CEPE ny talata teo ny kaominina Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano, notarihan'ny ben'ny tanàna Rado Ramparaoelina.**





**Noho ny fahatsiarovana ny niverenan'ny fahaleovantena, tsy adinon'ny Solombavambahoaka Kolonely Ramboasalama Emilien, ireo zokiolona ao amin'ny fikambanana TSINJO Fiadanana III- N. Notolorana vary sy menaka.**





**Nozaraina sakafo ireo ankizy nanala fanadinana CEPE tao amin'ny CEG Alasora, Kolejy ST Laurent ary ireo zanak'Alasora nanala fanadinana teny amin'ny EPP Ambohibato Ambohimanambola, ny talata teo, mba hanalana fahasahiranana ho an'ireo ray aman-dreny. Nanolotra izany ny avy amin'ny kaominina, notarihan'ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa.**





**Andranoambo Ambodihady Ambohimanarina : tao Andranoambo no nanolotra fanomezana ho an'ireo ankizy sy fikambanan'ny vehivavy sy lehilahy ary ireo zokiolona ny depiote ao amin'ny Boriboritany faha-6, Todisoa Andriamampandry. Nanolotra lelavola, vilany, koveta, arendrina ifalian'ny fokonolona ary niara-nifaly tamin'izy ireo ity olom-boafidy ity.**



